

## **POLITIKAN'NY CEPF MIKASIKA NY MIRALENTA**

Miantsoroka iraka ny CEPF, dia ny manentana ny fiaraha-monim-pirenena hitondra ny anjara birikiny amin'ny fiarovana ireo *hotspot* ho an'ny voary manontolo, izay mandrafitra ireo *écosystèmes* hita fa sady maneho ny fahasamihafana biolojika manan-karena indrindra maneran-tany no ahiana ho lany tamingana haingana indrindra. Koa ny tanjona amin'ity politika ity dia ny hanao izay hahazoana antoka fa tontosan'ny CEPF ny iraka niantsorohany ao anatin'ny fomba fijery misahana akaiky ny miralenta. Iza no fiantraikan'izany: ny mpiasa ao amin'ny Fiadidiana ny CEPF, ireo Ekipa rehetra mpanatanteraka isam-paritra ary ireo mpisitraka rehetra dia tsy maintsy mahazo tsara ary mijery ny momba ireo andraikitra samy hafa sahanin'ny lehilahy sy ny vehivavy ao am-panatontosana ireo lahasa mifamatotra amin'ny CEPF amin'ny antanan-tohatra rehetra (oh: fanofanana ny Ekipa mpanatanteraka isam-paritra, fandrafetana tolo-kevitra, fanatontosana ny tetikasa ary fandrafetana tatitra). Ho hentitra maintsy ny fampidirana ny lohahevitra sy lafin-javatra mahakasika ny miralenta mandritra ny dingana rehetra anolorana fanohanana ara-bola, ary hisy ny fanaraha-maso manokana ny fivoarana tontosa eo amin'ny fampitovian-danja ny lahy sy ny vavy.

Manaiky maintsy ny CEPF fa:

- Raha jerena ankapobeny ny asa tontosainy ho fitandroana ny zavaboary, dia manana anjara toerana lehibe ny resaka mahakasika ny miralenta eo amin'ny fanatràrana ireo tanjona sy vokatra lavitr'ezaka kendreny.
- Ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ihany koa dia ampahany iankinan'ny ain-dehibe amin'ny paikadiny ankapobeny mikendy ny hananana fiaraha-monim-pirenena mahatapak'ahitra, hahitana fandraisana anjara sy fandraisana fanapahan-kevitra ara-drariny amin'ny antanan-tohatra rehetra, ary hahazoana antoka fa holovain-jafy ireo voka-tsoa azo eo amin'ny fitandroana ny zavaboary.
- Na ny lehilahy na ny vehivavy dia miatrika sakana mifamatotra amin'ny miralenta. Raha tsy jerena manokana ireo sakana ireo dia mety hitarika fahatarana na hamorona rindrina tsy hahafahana manatontosa ireo tanjon'ny CEPF ho an'ny fitandroana ny zavaboary.

Ireto kosa ny ezaka hataon'ny mpiasan'ny CEPF:

- Hanome sy hampirisika ny fanofanana sy fivelarana arak'asa momba ny resaka mahakasika ny miralenta eo anivon'ireo mpiasan'ny Fiadidiana ny CEPF, ireo Ekipa mpanatontosa isam-paritra sy ireo mpisitraka ao anatin'ireo ezaka ataon'ny CEPF hampitana fahalalana.
- Hira-miasa amin'ireo mpisitraka mba hanaovana izay hahazoana antoka fa tafiditra tanteraka ao anatin'ny fandrafetana, fanatontosana ary fanombanana ny tetikasa ny fandalinana sy tolo-kevitra momba ny resaka mahakasika ny miralenta.
- Handrafitra tondro ary handefa tatitra tatitra momba ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ao anatin'ny Drafitra fanaraha-mason'ny CEPF.
- Hampirisika ireo fanao mahomby indrindra mba hampidirana ny resaka mahakasika ny miralenta any anatin'ireo pikady ho an'ny fitandroana ny zavaboary manerana ny tambajotran'ny CEPF.

## FAMARITANA

Ny hoe **miralenta** dia miresaka ireo toetra mamaritra sy tombony ara-toe-karena, sosialy, politika ary kolotsaina mifamatotra amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Miovaova araka ny kolotsaina sy manaraka ny toetr'andro mantsy ny famaritan'ny fiaraha-monina ny dikan'ny atao hoe vehivavy na lehilahy. Koa ny miralenta izany dia fanehoan'ny fiaraha-monina sy ny kolotsaina iray ireo toetra mamaritra sy andraikitra manokana mifamatotra amin'ireo vondron'olona sasany, noho ny maha-lahy na maha-vavy azy sy ny safidiny ara-pananahana.

Ny **fandalinana ny resaka miralenta** indray dia lamina fanangonana sy fandikana ny hevitr'ireo antontam-baovao momba ireo adidy sy andraikitra mampiavaka ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny sehatrasa enina, dia ny: fampiharana sy fandraisana anjara ; fahafahana mampiasa ireo loharanon-karena ; fahalalàna sy finoana ; lalàna, politika ary andrim-panjakana mampihatra fitsipika.

Ny **fijerena manokana ny miralenta** dia midika ny fanekena mazava fa samihafa araka ny toerana iasana ny fenitra sy fifandraisana momba ny miralenta, ary fanekena ny maha-zava-dehibe an'izany ho an'ny vokatra ho azo raha ampifamatorina amin'ny fandrafetana, fanatontosana ary ny fanombanana ireo fandaharanasa/politika. Izany fanekena izany dia miainga avy amin'ny ny fandalinana na ny fanombanana ireo fahasamihafana, fenitra ary fifandraisana momba ny miralenta, mab hijerena akaiky ny mikasika ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny vokatra azo.

Ny **rariny eo amin'ny lahy sy ny vavy** indray dia lamina mikendry ny hampitoviana sy hampisy rariny eo amin'ny fitondrana ny lehilahy sy ny vehivavy. Koa mba hiantohana an'izany fitoviana izany dia misy ireo fepetra tsy maintsy raisina hamenoana ireo banga sy lesoka nianjady tamin'ny vehivavy teo amin'ny tantara sy teo amin'ny fiaraha-monina ka nisakana azy ireo tsy hisitraka tombontsoa mitovy amin'izay azon'ny lehilahy hatramin'izay.

Ny **fitovian'ny lahy sy ny vavy** kosa dia milaza ny ava-misy na fepetra ahafahan'ny lehilahy sy vehivavy misitraka am-pitoviana tanteraka ireo zo maha-olombelona, ireo fananana, ireo tombontsoa ary ireo loharanon-karena rehetra hindrahindrain'ny fiaraha-monina.

Ny **fampidirana ny miralenta** dia milaza ireo paikady ampiharina mandritra ny fandrafetana, fanatontosana ary fanombanana ny fandaharanasa mba hijerena ireo fenitra momba ny miralenta sy hanarenana izay mizana mitanila eo amin'ny lahy sy ny vavy.

Ny **fitsinjarana ny isan'ny lehilahy sy vehivavy** kosa dia lamina ampidirana ny fomba fijery misahana ny miralenta any anatin'ny politika, paikady, fandaharanasa, lahasa ho an'ny tetikasa sy ny asan'ny manam-pahefana ara-panjakana, ary any anatin'ny kolotsaina ifampifehezana ao anatin'ny toeram-piasana na fikambanana iray.

Ny **maha-lahy na maha-vavy** dia milaza ireo fahasamihafana ara-biolojika mampiavaka ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny fahasamihafana ara-pananahana kosa dia mifandraika amin'ny endrika ara-batana isehoan'ny lehilahy sy ny vehivavy.